# TSY MAINTSY HO AVY NY ANDROM-PAHORIANA

**Salamo 138 : 7 : « Na dia handeha eo amin'ny fahoriana aza aho dia hamelona ahy Ianao; Haninjitra ny tananao hanohitra ny fahatezeran'ny fahavaloko Ianao Ary hamonjy ahy ny tananao ankavanana ».**

Davida, lehilahy araka ny fon'Andriamanitra. Davida, mpanjaka. Nefa izany lehilahy izany dia mampianatra antsika, hoe : **TSY MAINTSY HO AVY NY ANDROM-PAHORIANA.** Tsy maintsy ho avy ny androm-pahoriana.

Misy amintsika izao, amin'izao fotoana izao, anaty fahoriana. Fa izay tsy ao anaty fahoriana ve afaka mihevitra hoe rahampitso na afak'ampitso, na amin'ny herinandro ambony, possible ao anaty fahoriana ? Izany ny fiainana ety an-tany. Fantany izy fa tsy maintsy handalo fahoriana, na mpanjaka manana ny fahefana aza, na dia olona araka ny fon'Andriamanitra aza. Inona ny zavatra tenenin'i Davida ? Inona ny zavatra ampianarin'i Davida antsika ? **And.7** : *« Na dia handeha eo amin'ny fahoriana aza aho dia hamelona ahy Ianao ».* Hampahery ahy Ianao, hamelombelona ny fanahiko Ianao.

Gaga ry havana ny amin'ny isan'ny kristiana mankany amin'ny psy. Ataoko hoe isam-bolana aho mandray olona, dia hoe « tonga aty amin'i Pasitera aho fa efa avy nankany amin'ny psy ». Izany ny olona. Aza mankany amin'ny psy izany ry havana ô. Anaty fahoriana, teneno hoe : « tahaka ny namelomanao ny fanahin'i Davida mpanomponao, ary araka ny teninao, tanako amin'ny teninao Ianao : velomy aho, velomy ny fanahiko. Mitady ho kivy aho, mitady ho ketraka aho, mitady hamoy fo aho : velomy ny fanahiko ».

Mahafinaritra ilay **and.7,** manan-karena **:** *« Na dia handeha eo amin'ny fahoriana aza aho dia hamelona ahy Ianao ».* Dia inona

indray no mbola ambaran'i Davida, ampianarin'i Davida, zarain'i Davida ? *« Haninjitra ny tananao hanohitra ny fahatezeran'ny fahavaloko Ianao ».* Izy tsy niteny hoe : hahinjitrao ny tananao hanohitra ny fahavaloko. Fa indraindray impressionnant ihany ny famaritana ilay fahatezeran'ilay fahavalo, ilay fisafoakan'ilay fahavalo. Fa dia hoe : Andriamanitra maninjitra ny tanany, tsy hahakasika ahy ilay fisafoakan'ilay fahatezeran'ny fahavalo. Mety vady io, mety mpiara-manompo io, mpiara-miasa io, mpifanolobodirindrina : masiaka. Ary ny olona rehefa tezitra dia eo ny fivoahan'ilay méchanceté-ny.

Ilay « manohitra » dia hoe : tonga avy any ilay fahatezerana dia hoe : « hatreo ». Ok, teiztra ianao ; fa hatreo.

*« Haninjitra ny tananao hanohitra ny fahatezeran'ny fahavaloko Ianao Ary hamonjy ahy ny tananao ankavanana ».* Mahafinaritra ilay sary e. Mahafinaritra ilay sary. *« Ary hamonjy ahy ny tananao ankavanana ».* Izany hoe : ilay tanana ankavia izany manohitra ny fahatezeran'ny fahavalo ; ilay tanana ankavanana mamonjy.

Miomàna handalo fahoriana ; fa ao anaty fahoriana, tadidio ity Psaumes 138 :7. Izay no mahatonga an'ilay **Hira FFPM 514 :4** hoe : « Mpamonjy Soa, Mpamindra fo Izy » ; manavotra Izy.